

ALAHADY - FAHA 4 MANDAVANTAONA - A



SAMBATRA NY MAHANTRA FA AZY NY FANJAKAN'NY LANITRA

Ry Kristianina havana, efa voalaza tamin'ny nanomboka izao mandavantaona izao isika fa ny fandalinam-pinoana no atolotry ny Eglizy amintsika amin'ny alalan'ireo vakiteny mba hitoetra eo amin'ny fiainantsika tokoa i Jesoa. Ary ho antsika manokana eto amin'ny Arsidiösezy provinsy ekleziastika avaratra (Mahajanga, Ambanja, Port berger ary Antsiranana) dia ny hanohizantsika ny fivelomana ny vokatry ny famindrampom'Andriamanitra. Hanatanteraka eo amin'ny fiainantsika ireo asa famindrampo dia ny asa ara-nofo, ara-batana fito sy ny asa ara-panahy fito ary miampy an'ilay asa fikolokoloana, fanajana sy fiarovana ny tontolo iainana mba ho trano be iombonana ho lovan'ny taranaka fara amandimby ity tanintsika ity.

Nandray ny lohahaveritra isika "Jesus contemporain qui chemine avec nous", Jesoa eo anivontsika miara dalana amintsika.

Vakiteny I : **Sôf. 2, 3; 3, 12-13**
Tononkira : Sal. 145,
Vakiteny II : **1 Kôr. 1, 26-31**
Evanjely : **Mt. 4, 12-23**

Nanomboka ny alahady faha 2 mandavanataona dia nandinika isika ka nametra-panontaniana hoe ; "iza marina i Jesoa eo anivontsika ?". Ka amin'izao Alahady faha efatra izao dia tohizantsika ny famakiana ny evanjelin'i Md Matio izay nanoratra manokana ho an'ny jody. Isika rahateo

amin'izao fotoanan'ny fandalinam-pinoana ato amin'ny diosezy izao dia mametraka ny katesizy ho fototr'izany fandalinam-pinoana izany. Miezkaka isika hamoaka azy tsikelikely mba hanampy atsika handalinana ny finoana satria ny katesizy no ezahina ho fototry ny finoana araka ny taratasy pastoraly farany teo.

Md Matio izay vakintsika amin'ity taona A ity dia mampianatra ny vahoaka jody, nangoniny arakaraky ny loha hevitra ny fampianaran'i Jesoa sy ireo famantarana sy fahagagana nataony, hanampy hino fa i Jesoa tokoa no mesia ilay nandrasan'ny vahoaka Jody, izy tokoa ny famonjena ary izy miara-dàlana amintsika. Hiezahantsika ary ny handray an'izany fampianarana izany amin'izao fandalinam-pinoana ataontsika amin'ny mandavantoana izao.

Ampatsiahivin'i Md Matio androany ilay fampianarana lehibe tamin'izy Andriamanitra namolavola ny vahoakany tany amin'ny tendrombohitr'i Sinai. Azo ampitoviana sy ampiharina tsara fa mitovy ny nanorenan'Andriamanitra ny vahoakany tany an-tendrombohitra ka nanomezany ny teny folo izay ataontsika hoe didy folo izay teny mahavelona, toro-làlana ny amin'ny lalan-kombana, mitovy amin'izany koa ny toriteny teo an-tendrombohitra nataon'i Jesoa tamin'ny vahoaka. Araky ny fantantsika dia ho fanohizana ny testamenta taloha ny voalaza ao amin'ny Evanjely ka manorina ny fianakaviamben'Andriamanitra, olo araikin'Andriamanitra sy manolotra ny teny hahatonga ny vahoakany ho zanaka sy fiananakavian'Andriamanitra. Ny tanjona amin'izay dia ny hasambarana.

Amin'izao Alahady faha efatra mandavantaona izao dia henontsika ny fampianarana mikasika ny hasambarana. Tsara ho fantatra fa tsy araky ny fisainana sy fiheveran'izao tontolo izao sy ny fahendrena apetrak'izao tontolo izao ny hasambarana tiana ambara eto. Matetika tokoa manko raha ny fomba fisainana sy fijery ary fahendren'izao tontolo izao raha ohatra ka fahendrena tokoa, ny fahendrena dia mitondra amin'ny fahasoavana amin'ny tena izy. Eto anefa ny fijerin'izao tontolo izao ny hasambarana dia ny fananana an'izao sy izao ka mahatonga ny olona maro hiavona, hieboebo, hipoerapoera fa araky ny fampianaran'i Jesoa dia tsy ny fananana no mahatonga ny hasambarana fa ny toetranao, ny maha anao anao.

Sambatra ny mahantra am-panahy fa handova ny lanitra izy hahazo ny hasambarana, dia ireo hasambarana valo azontsika alalinina.

Tsy ny fananana araka ny fihevitr'izao tontolo izany no voalaza eto fa ny toetran'ny fo, raha "encombrée ny fo dia tsy hahita hasambarana, raha feno ny fo dia tsy hahita ny tena fiadanana isika.

Izany no "lakilé" entintsika mamaky an'io hasambarana valo io. Tsy ny fananana no loharano, hahazoantsika ny hasambarana fa ny toetrantsika. Ambaran'i Jesoa ary ireo toetra tsirairay.

Mampisongadina ilay lohahevitra entin'ny tanora hodinihina ho fanomanana ny JMJ isika

Tsy ny fananana no mitondra ny hasambarana nefa azo lazaina fa tena sarobidy ity tanintsika ity ary ao anatin'io tany io no misy ny harena tena izy. Raha samy ao anatin'ny famokarana ara-dàlana sy araky ny rariny sy ny hitsiny ny fitantanantsika ity tany ity dia tena araka ny fitenintsika hoe "harena ny harena raha mamokatra ary mamokatra ho an'ny be sy ny maro". Hitantsika ao amin'ny hasambarana valo io, sambatra ny malemy fanahy fa handova ny tany izy.

Raha malemy fanahy isika, izany hoe afaka tsy hanapotika ny hafa, afaka hifandray amin'ny hafa, afaka hifandray amin'Andriamanitra, afaka amin'ny zava-boahary dia ho lavitra ny fanapotehana. Raha tsy misy fanapotehana dia hamokatra ny harena tena izy isika dia ny fihavanana sy ny fifankatiavana, ka hifanao soa isika ka handova ny tany tokoa.

Araka izay voalaza izay, toetra izy ka tsara asongadina ihany koa : raha mijery ny hasambarana isika, dia tsy mijery ny lasa, izany manko ny fitiavan-tena, mijery ny lasa hahafahana sy hazahoako mandamina ny hoavy ? Fa eto kosa miaianga amin'ny fiainana izao ka havaozina, hanaovana fandaharam-potoana ; sambatra ny malemy fanahy , sambatra ny mahantra am-panahy, sambatra ny tia fihavanana, programme apetrak'i Jesoa amintsika ireo, ka raha tanteraka io dia mampahatsiaro ireo vahoakan'Andriamanitra izay novolavolainy, avy amin'ny fanandevozana tany ejipta ho an'ny amin'ny tany nampanantenaina. Ary izany koa ny programmen'ny fahasambarana valo, avy amin'ny fanandevozan'ny fahotana isika ka mandalo amin'ny paka, batemy, tonga zanak'Adriamanitra tsolovin'ny fanahy masina ka mizotra any amin'ny fiainana maha zanak'andriamanitra ka mitondra atsika amin'ny fiadanana marina.

Izany no tian'i Sôfônia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany (*Sôf. 2, 3; 3, 12-13*) mitarika atsika hikatsaka ny fahamarinana sy fanetrentena raha tiantsika ny hahazo ny hasambarana izany. Io no toe-panahy ampianarin'ny vakiteny amintsika, toe-panahy ao anatin'ny fahamarinana sy fanetrentena.

Izany no mahatonga atsika fa indrindra amin'ny sekoly katolika maka ny lohahevitra hoe : “ny manao ny marina no hendry ary ny fahendrena no manafaka atsika”.

Matoa isika mbola mikorontana dia tsy mipetraka tokoa ny fahamarinana sy ny fanetrentena.

Raha te-hahazo ny hasambarana valo isika dia ny fikatsana ny fahamarinana sy ny fanetrentena no atao. Manana modely isika dia i Masina Ma ria, i Lucien Botovasoa ary i Victoira Rasoamarivo.

Iznay no mbola ampiahatsihivin'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (*1 Kôr. 1, 26-31*) mananatra atsika izy mba ho Andriamanitra mandrakariva ny ho reharethantsika, hikatsaka mandrakariva ny voninahitr'andriamanitra isika, raha izany tokoa no ataontsika dia tanteraka ireo hasambarana valo.

Sambatra ny mahantra am-panahy fa azy ny fanjakan'ny lanitra

Sambatra ny malemy fanahy fa izy no handova ny tany

Sambatra izay mitomany fa alana alahelo

Sambatra izay noana sy mangetaheta fahamarinana fa ho voky izy

Sambatra ny mamindra fo fa hamindrana fo izy

Sambatra ny madio fo fa hahita an'Andriamanitra izy

Sambatra ny tia fihavanana fa antsoina hoe zanank'andriamanitra izy

Sambara ny enjehina noho ny raryny fa azy ireo ny fanjakan'ny lanitra

Ireo no fahasambarana atolon'i Jesoa ho antsika, araka ny efa voalaza teo fa tsy fananana ireo fa toetra tsy maintsy ananana azo lazaina fa “programme apetraky Jesoa amintsika.”

Ho antsika tanora, ny programme manokana amin'ity taona ity : hiezaka isika amin'ny fahalempanahy. Mila tanora malemy fanahy ny diosezintsika sy ny tanànantsika tsirairay avy ka amin'izay dia handova ny tany isika izany hoe lanitra sy vao ny tanintsika ka hihaina ao anatin'ny fiadanana sy fahasambarana isika.

Ry Jesoa zokinay ô, natoronao anay ny lalànkombana amin'ny tena fiainana, dia ny fiainana mitondra ny hasambarana izay ianao no nivelona azy voalohany. Enga anie izahay hanahaka anao, hanaradia anao, hiezaka mba hanana fanahy diovinao, hahantra fanahy izahay, halemy fanahy izahay, halahelo izahay noho ny fahotanay, hitomany izahay noho ny fahotanay. Mangetaheta ny fahamarinana izahay ka hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny araka ny nampianarinao anay. Hamindra fo izahay ka hifankatia ka hifanaja ary dia diovinao tokoa ny fonay, ka hahita anao mandrakariva amin'ireo manodidina anay dia hiadam-pinaritra izahay, hampnanjaka mandrakariva ny tena fihavanana, ho fantatry ny olona fa zanak'andriamanitra mandova ny Ray izahay.

Mety maro ny sedra eo amin'ny fiainanay, na dia ho enjehina aza izahay dia hifikitra aminao mandrakariva ka hahazo ny fanjakan'ny lanitra ary indrindra dieny izao hanitatra ny fanjakanao ka hikatsaka mandakariva ny fahamarinana ao anatin'ny fanetrentena, mba ny ho voninahitrao anie no ho hita amin'ny ataonay rehetra. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson